**A Endrik’Andriamanitra (Kolosiana1:15a)**

- Mety ho dika mitovy amin'ny tena izy ny endrika (sary, hologramme, sary sokitra), na noforonina mihitsy koa (kisarisary). Saingy midadasika noho izany ny hevitry ny Baiboly momba ny endrika.
- Noforonin'Andriamanitra araka ny endriny i Adama sy Eva (Gen. 1:27), ary niteraka zazalahy araka ny endriny i Adama (Gen. 5:3). Tsy dika mitovy amin'ny tena izy ireo, na hala-tahaka, na sarintsarin'ny eritreriny. Fitoviana ara-batana, ara-tsaina ary ara-tsosialy ireo...
- Nilaza i Paoly fa aloka ihany ny lalàna seremonialy, “fa tsy ny tena endrik’izany zavatra izany” (Heb. 10:1), izay midika fa “endrika= tena izy.”
- Ny fanontaniana dia hoe: Mitovy amin’Andriamanitra ve i Jesosy sa tahaka an’Andriamanitra? Ankoatra ny fanondroan'i Jesosy imbetsaka ny tenany ho Andriamanitra amin'ny alalan'ny hoe “Izaho”, dia nilaza mazava Izy hoe: “Izaho sy ny Ray dia iray ihany” (Jaona 10:30); “Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray” (Jaona 14:9).

**B Lahimatoa (Kolosiana1:15b-17)**

- Ny “lahimatoa” dia midika hoe ny voalohan-teraka. Koa, misy ny mampianatra fa i Jesosy no noforonin’Andriamanitra voalohany. (Kol. 1:15). Kanefa, toy ny amin’ny voambolana “endrika”, dia manana heviny ara-baiboly midadasika kokoa ny teny hoe “lahimatoa”.
- Isaka no lahimatoa fa tsy i Ismaela; Jakoba no lahimatoa fa tsy i Esao; Josefa no lahimatoa fa tsy i Robena; Davida no lahimatoa fa tsy i Eliaba (Salamo 89:27). Lahimatoa izy rehetra ireo satria nanana fahamboniana noho ny rahalahiny, fa tsy noho izy teraka voalohany.
- Miresaka ny amin'izany fahamboniana izany i Paoly ao amin’ny Kolosiana. Mba tsy hisian’ny fisalasalana momba ny maha-Izy Azy, dia milaza toetra roa an’Andriamanitra izy: ny famoronana ny zavatra rehetra misy (Kol. 1:16; Isaia 45:18); sy ny fahavelomany (Kol. 1:17; Sal. 119:91).

**D Lohan’ny Fiangonana (Kolosiana1:18a)**

- Amin’ny fiteny sasany (toy ny Catalan na Anglisy) ny teny hoe “loha” dia nadika koa hoe “mpitarika” na “lehibe”, satria izany no fanehoana ara-keviny ny hoe “loha”. Toy izany koa ny amin’ny teny Hebreo. Ohatra, ny hoe “ka hifidy anankiray ho lohany izy” (Hos. 2:2) dia tokony hadika hoe “ka hifidy filoha tokana” (DIEM).
- Izany koa no hevitra ampiasan’i Paoly rehefa nampihatra io teny io amin’i Kristy izy (Kol. 1:18a).
- Fa, nampian’i Paoly hevitra ara-panoharana momba ny vatana anefa. Raha Kristy no loha, dia isika — ny fiangonana — no tena. Noho izany, araka io hevitra io dia:
  - — Ilaina avokoa isika rehetra (1 Kor. 12:15).
  - — Samy manana ny anjara asany avy ny tsirairay (1 Kor. 12:17).
  - — Tsy afaka manao tsinontsinona na iza na iza isika (1 Kor. 12:21).
  - — Tsy misy mpino “ambany” (1 Kor. 12:22-24).
  - — Mifampiahy isika (1 Kor. 12:25-26)

**E Ny voalohany (Kolosiana1:18b)**

- Ny teny nadika hoe “voalohany” dia archē (ἀρχή), teny grika midika hoe fiandohana, fiaviana, antony voalohany na fitsipika, ary midika ihany koa hoe mpitondra, fahefana, fanapahana na fanjakana, arakaraky ny tontolon-kevitra.
- Afaka milaza isika fa manana ireo heviny rehetra ireo io teny io, rehefa ampiharina amin’i Kristy (Kol. 1:18). Jesosy no niandohan’ny zava-drehetra [endrik’Andriamanitra], antony nahariana ny zavatra rehetra [lahimatoan’ny zavaboary], mpanapaka fara-tampony [ny loha]. Izany rehetra izany no manome fahamboniana Azy.
- Nampian'i Paoly anaram-boninahitra hoe “lahimatoa tamin’ny maty” eto (na dia tsy i Jesosy aza no nitsangana tamin’ny maty voalohany, fa i Mosesy). Ny fandreseny ny fahafatesana dia midika ho fandreseny ny ota koa sy ny heriny mamorona antsika indray ho tahaka ny endriny.

**F Ilay Mpampihavana (Kolosiana1:19-20)**

- Izay nataon’i Jesosy dia nahatonga Azy ho lohany amin’ny zavatra rehetra. Araka ny voalazan’i Paoly, dia mendrika ireo anaram-boninahitra rehetra ireo i Kristy “fa tao Aminy no sitrak’Andriamanitra ny hitoeran’ny hafenoana tanteraka.” (Kolosiana 1:19). Raha lazaina amin’ny teny hafa, dia sady Andriamanitra amin'ny fahafenoany i Jesosy no olombelona amin'ny fahafenoany koa. “Ary hitanay ny voninahiny, [...] feno fahasoavana sy fahamarinana” (Jaona 1:14).
- Tamin’ny nahafatesany teo amin’ny hazo fijaliana sy ny nitsanganany indray, dia nahatanteraka ny fepetra ilaina mba hampihavanana ny olombelona amin’Andriamanitra i Jesosy (Kol. 1:20).
- Azontsika amin'izany fa nampihavaniny tamin’Andriamanitra “ny zavatra etỳ an-tany”. Ahoana anefa no nampihavanany tamin'ny tenany ny any an-danitra?
- Afaka nahita mazava tsara ny tena toetran’ny faharatsiana izao rehetra ary izao. Noho izany, dia voamarina any an-danitra sy ety an-tany ny toetran’Andriamanitra.